# Tafatafa niarahana tamin'i Isabela momba ny fanekempihavanana

*Avy any Alajuela, Costa Rica i Isabela. Nametrahanay fanontaniana vitsivitsy momba ny dikan'izany hoe mitandrina ireo fanekempihavanany tamin'ny batisa izany izy.*





**Lazao aminay ny mombamomba anao.**

13 taona aho. Tiako ny milalao baolina, mahandro sakafo, manjaitra, milomano, ary manompo ny hafa. Ny nofinofiko dia ny ho lasa mpitsabo biby satria tiako ny manampy ireo biby. Ny spaghetti sy ny pizza no sakafo tena tiako, ary volomparasy no loko tena tiako.



**Ahoana no hitandremanao ireo fanekempihavananao tamin'ny batisa?**

Mibebaka sy mandray ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro aho. Manana antso ao amin'ny kilasin'ny Zatovovavy misy ahy aho, ary miezaka mandray izany amim-pahamatorana aho. Mitandrina ny fanekempihavanako amin'ny alalan'ny fanompoana ny hafa ihany koa aho.





**Inona no ataonao mba hanompoana ny hafa?**

Tiako ny manampy ny fianakaviako. Matetika aho no milalao miaraka amin'i Lina havako izay telo taona rehefa mandeha miasa ny ray aman-dreniny. Tiako ny manampy ireo ray aman-drenibeko. Manampy ny mpiaramianatra amiko mianatra ihany koa aho amin'ny fanadianana frantsay any an-tsekoly.



**Lazao aminay misimisy kokoa ny momba ny antsonao.**

Izaho no mpanolotsaina voalohany ao amin'ny kilasin'ny Zatovovavy. Ny andraikitro dia manompo ireo zatovovavy. Midika izany fa manampy azy ireo amin'izay rehetra ilain'izy ireo. Mandeha any amin'ny kilasy sy ireo firaha-mientana aho, ary miezaka ny ho naman'ireo ankizivavy hafa ao amin'ny kilasy izay tsy tonga.



**Inona no torohevitra omenao ny olona iray momba ny antsony voalohany?**

Holazaiko izy ireo fa tsy tokony hatahotahotra izy ireo. Ny antso dia fomba iray azonao hanampiana amin'ny asan'ny Ray any An--danitra fotsiny. Ny fomba tsara indrindra hanampiana ny hafa dia amin'ny alalan'ny ohatra asehonao!

SARY NATAON'I VIVIAN MINEKER